


Milefitra amin'Andriamanitra

Ny rantsambatako, dia ny faritry ny vatako, dia fitaovam-pahamarinana, natolotra an'Andriamanitra ho amin'ny fanompoana Azy sy ho voninahiny.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Hoy i Paoly hoe:

> "Aza avela hanjaka amin'ny tenanareo mety maty ny ota hanarahanareo ny filany, ary aza manolotra ny momba ny tenanareo ho amin'ny ota ho fiadian'ny tsi-fahamarinana; fa atolory ny tenanareo ho an’Andriamanitra toy ny efa maty nefa velona, ary ny momba ny tenanareo ho fiadian’ny fahamarinana ho an’Andriamanitra.” (Romana 6:12–13).

Nafahana izahay. Tsy tokony hifehy ny tanantsika, na ny tongotsika, na ny lelantsika ny ota. Mifanohitra amin’izany, hoy i Paoly, fa tokony hilefitra ny tenantsika ho an’Andriamanitra sy ny momba ny tenantsika ho fitaovan’ny fahamarinana ho an’Andriamanitra isika. Misy fileferana roa eo.

Voalohany, dia milefitra ny sitrapontsika amin'Andriamanitra isika amin'ny filazana hoe: "Tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao." Ao amin’ny Vavaka Nampianarin’ny Tompo, ny fangatahana faharoa dia izao: “Hatao anie ny Sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra.” (Matio 6:10). Rehefa mivavaka isika hoe: “Hatao anie ny Sitraponao”, izany dia manomboka amin’ny sitrapon’izay mivavaka — izay maniry ny hanaovana ny sitrapon’Andriamanitra.

Rehefa nilefitra ny sitrapontsika isika, dia milefitra ny rantsam-batanantsika ho an'Andriamanitra ho fitaovan'ny fahamarinana. Amin’ny Grika, ny teny hoe “fitaovana” dia midika ara-bakiteny hoe “fitaovam-piadiana”, izay midika ady ara-panahy. Tsy fitaovana fotsiny ireny, toy ny angady na angadinomby — fa fitaovam-piadiana, toy ny sabatra.

Ny batisan’ny Fanahy Masina no fanalahidy satria amin’izany traikefa izany no ileferantsika voalohany ny sitrapontsika amin’Andriamanitra; dia mampilefitra ny momba ny tena tsy voafehy izay tsy fehezintsika: ny lela. Rehefa atao batisa amin’ny Fanahy Masina isika, dia manatanteraka ny toromarika amin’ny fileferana ny

© 2008 - Dries Du Plessis

tenantsika ho an’Andriamanitra ho fitaovana (fitaovm-piadian’ny) fahamarinana. Marina tokoa, fa rehefa natolotra an’Andriamanitra ny lela ka noraisin’ny Fanahy Masina, dia lasa fitaovam-piadiana izany: amin’ny fivavahana, amin’ny fijoroana ho vavolombelona, ary amin’ny fitoriana.

Misaotra Anao, Jesosy ô , noho ny amin’ny Fandresenao teo amin’ny hazo fijaliana. Mampilefitra ny tenako sy ny sitrapoko ho an’Andriamanitra aho, manambara fa ny momba ny tenako, ny ratsam-batako, dia fitaovan’ny fahamarinana, milefitra ho an’Andriamanitra ho amin’ny Andraikiny sy ho Voninahiny, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-066-MLG
Nohavaozina farany: 05 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

